Zoma 10 Febroary 2012

STATEMENT

Fisaorana an'Andriamanitra Lehibe no ataonay mivady tsy maty fo aman'aina. Ary dia mitrotro am-bavaka mandrakariva ho an'izay manenjika anay izahay.
Ny Alatsinainy alina 6 Febroary 2012 dia tonga teto an-tanananay ny DST. Namaky sy nitifitra ny tato an-trano izy ireo, nefa dia fantany tsara fa izahay mivady dia tato anatiny.
Isaorana Lehibe Andriamanitra fa tsy tratra ny voina izahay mivady, fa ny alikanay kosa dia voatifitra teo amin'ny tendany.
Tsy takatry ny saina ny tohin'ny raharaha raha toa ka izahay mivady no voatifitra teo.
Ireto ny bala nampiasaina tamin'izany: Ny iray tsy nipoaka, fa ny iray kosa dia nahavoa ny tendan'ilay Alika, izay miady amin'ny fahafatesana ankehitriny.
Nangataka ireo DST izahay hiara-mivavaka, mialoha ny fisavana ny trano, fa dia tsy nanaiky mihitsy izy ireo.
Nahatratra ny tanjona tiana nahatongavana tokoa ireo DST satria dia tena natahotra sy nivarahontsana mihitsy izahay, indrindra fa ny vadiko izay mba vehivavy ihany.
Tsy izahay irery anefa no Malagasy voalohany no sady farany, tratra sy mizaka izao fampihorohoroana ataon'ny HAT izao.
Izao dia fanambarana ampahibemaso ny tsy fisian'ny lalàna sy fanitsakitsahana ny zon'olombelona eto Madagasikara.
Eto aho dia mijoro, amin'ny maha-Malagasy ny tenako, izay leo sy vizana amin'ity kirizy politika ity.
Ary mampahatsiahy fa ny Tany dia indrana avy amin'ny taranaka faramandimby fa tsy Lova avy amin'ny Ntaolo.
Ny hoavin'ny Firenena anefa dia miankina betsaka amintsika tanora. Ny fampianarana sy ny fitondran-tena mendrika no mahatonga olom-banona.
Ny fahantrana no tokony fahavalon'ny Malagasy rehetra voalohany, fa tsy isika samy Malagasy mpiray Tanindrazana velively.
Ny mpitondra fanjakana no tokony fitaratra sy modely hanome ohatra tsara ho an'ny vahoaka. Indrisy anefa fa Ramatahora lava izao sy ny tsy fandriam-pahalemana, izay mitarika amin'ny fihemorana, no mitranga eto amin'ny Tany sy ny Firenena.
Manao antso avo ny Fianakaviam-Be Iraisam-Pirenena izahay. Mangataka fanamafisana ny fiaraha-miasa amin'ny fitadiavana vahaolana maharitra, mba hialana sy tsy hiverenan'ny kirizy intsony , izay efa mianjady lalina amin'ny fiainan'ny vahoaka Malagasy.
Mitrotro am-bavaka tsy tapaka ny Tanindrazana ny vahoaka Malagasy, mba hampahery sy tsy ho very Fanantenana, ka hahita ny maraina vaovao indray I Madagasikara.
Homba antsika mandrakariva anie Andriamanitra.

Tojo RAVALOMANANA